# Aligning Our Will with His

By Elder Ulisses Soares
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy

Nataon'ny Loholona Ulisses Soares
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

October 2024 general conference

*Following the Lord's will in our life will enable us to find the most precious pearl in the world—the kingdom of heaven.*

On a certain occasion, the Savior spoke of a merchant man who was searching for "goodly pearls." During the merchant man's search, he found one "of great price." However, in order to acquire the magnificent pearl, this man had to sell all his possessions, which he promptly and joyfully did.

Through this short and thoughtful parable, the Savior beautifully taught that the kingdom of heavenis likened unto a priceless pearl, truly the most precious treasure that should be desired over all else. The fact that the merchant instantly sold all his possessions to obtain that valuable pearl clearly indicates that we should align our mind and desires with the will of the Lordand willingly do everything we can during our mortal journeyto attain the eternal blessings of God's kingdom.

To be worthy of this great reward, we certainly need, among other things, to give our best effort to set aside all self-centered pursuits and abandon any entanglement that holds us back from full commitment to the Lord and His higher and holier ways. The Apostle Paul refers to these sanctifying pursuits as "hav[ing] the mind of Christ."As exemplified by Jesus Christ, this means "[doing] always those things that please [the Lord]"in our lives, or as some people

*Ny fanarahana ny sitrapon'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika dia hanome fahafahana antsika hahita ilay vatosoa faran'izay sarobidy, dia ny fanjakan'ny lanitra izany.*

Nisy fotoana ny Mpamonjy niresaka mikasika ilay mpandranto iray izay nitady "vato soa." Tao anatin'ny fikarohana nataon'ilay mpandranto dia nahita anankiray izay "sarobidy" izy. Saingy mba hahazoana ilay vatosoa tsara tarehy dia tsy maintsy nivarotra ny fananany rehetra io lehilahy io izay tonga dia nataony avy hatrany ary tamim-pifaliana.

Tamin'ny alalan'io fanoharana fohy sy voahevitra tsara io no nampianaran'ny Mpamonjy fa ny fanjakan'ny lanitradia tahaka ny vatosoa sarobidy, izay zavatra faran'izay sarobidy marina tokoa tokony hirintsika mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra. Ny fivarotan'ilay mpandranto avy hatrany ny fananany mba hahazoana ilay vatosoa sarobidy dia maneho mazava fa tokony hampifanaraka ny saintsika sy ny faniriantsika amin'ny sitrapon'ny Tompo isikaary tokony hanao amim-pahavononana izay azontsika atao eto amin'ny fiainantsika an-tanymba hahazoana ireo fitahiana mandrakizain'ny fanjakan' Andriamanitra.

Mba ho mendrika izany valisoa lehibe izany, dia tena ilaintsika, ankoatra ny zavatra hafa, ny manao ny ezaka tsara indrindra avy amintsika mba hanilihana ireo fikatsahan-javatra rehetra izay mifono fitiavan-tena ary mba hialana amin'izay mety ho zavatra mamatopatotra ka manakana antsika tsy hanolo-tena tanteraka amin'ny Tompo sy amin'ilay lalany ambony sy masina kokoa. Ireo fikatsahana zavatra masina ireo dia nantsoin'ny Apôstôly Paoly hoe "[faha-

say nowadays, this is "doing what works for the Lord."

In a gospel sense, "[doing] always those things that please [the Lord]" relates to submitting our will to His will. The Savior thoughtfully taught the importance of this principle while instructing His disciples:

"For I came down from heaven, not to do mine own will, but the will of him that sent me.

"And this is the Father's will which hath sent me, that of all which he hath given me I should lose nothing, but should raise it up again at the last day.

"And this is the will of him that sent me, that every one which seeth the Son, and believeth on him, may have everlasting life: and I will raise him up at the last day."

The Savior achieved a perfect and divine level of submission to the Father by allowing His will to be swallowed up in the Father's will.He once said, "And he that sent me is with me: the Father hath not left me alone; for I do always those things that please him."In teaching the Prophet Joseph Smith about the anguish and agonies of the Atonement, the Savior said:

"For behold, I, God, have suffered these things for all, that they might not suffer if they would repent; …

"Which suffering caused myself, even God, the greatest of all, to tremble because of pain, and to bleed at every pore, and to suffer both body and spirit—and would that I might not drink the bitter cup, and shrink—

"Nevertheless, glory be to the Father, and I partook and finished my preparations unto the children of men."

During our sojourn in mortality, we often wrestle with what we think we know, what we

fantarana] ny sain'ny Tompo."Izany dia midika, araka ny nanehoan'i Jesoa Kristy izany tamin'ny alalan'ny ohatra, hoe "[manao] izay sitraky [ny Tompo] mandrakariva"eo amin'ny fiainantsika, na raha ny filazan'ny olona sasantsasany azy amin'izao fotoana izao dia hoe "manao izay mety amin'ny Tompo."

Raha jerena amin'ny heviny ara-pilazantsara, ny hoe "[manao] izay sitraky [ny Tompo] mandrakariva" dia misy ifandraisany amin'ny fampandeferantsika ny sitrapontsika eo anatrehan'ny sitrapony. Ny Mpamonjy dia nampianatra tamim-pisainana tsara ny maha-zava-dehibe an'io fitsipika io rehefa nampianatra ny mpianany Izy:

"Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon' Izay naniraka Ahy.

"Ary izao no sitrapon' Izay naniraka Ahy, dia ny tsy hamelako hisy very izay rehetra nomeny Ahy, fa hatsangako indray amin'ny andro farany izy.

"Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."

Ny Mpamonjy dia nahatratra haavom-panoavana tonga lafatra sy masina ny Rainy tamin'ny alalan'ny famelana ny hitelemana ny sitrapony ao amin'ny sitrapon'ny Ray.Nilaza Izy indray mandeha hoe: "Ary izay naniraka Ahy dia eto Amiko; tsy nandao Ahy ho irery Izy, satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva."Rehefa nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith momba ny fijaliana sy ny fanaintainana tsapany tao anatin'ny Sorompanavotana nataony ny Mpamonjy dia nilaza izao:

"Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka; …

"Fijaliana izay nahatonga ny Tenako, Ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra—

"Kanefa, voninahitra anie ho an'ny Ray, ary nosotroiko izany ary novitaiko izay efa nomaniko ho an'ny zanak'olombelona."

Mandritra ny fiainantsika ety an-tany dia matetika isika no mitolona amin'ny zavatra

think is best, and what we assume works for us, as opposed to comprehending what Heavenly Father actually knows, what is eternally best, and what absolutely works for children within His plan. This great wrestle can become very complex, especially considering the prophecies contained in the scriptures for our day: "This know also, that in the last days … men shall be lovers of their own selves, …lovers of pleasures more than lovers of God."

One sign that indicates fulfillment of this prophecy is the current growing trend in the world, adopted by so many, of people becoming consumed with themselves and constantly proclaiming, "No matter what, I live my own truth or I do what works for me." As Paul the Apostle said, they "seek their own, not the things which are Jesus Christ's."This way of thinking is often justified as being "authentic" by those who indulge in self-centered pursuits, focus on personal preferences, or want to justify certain types of behavior that frequently don't match God's loving plan and His will for them. If we let our heart and mind embrace this way of thinking, we can create significant stumbling blocks for ourselves in acquiring the most priceless pearl that God has lovingly prepared for His children—eternal life.

While it is true that each of us travels an individualized discipleship journey on the covenant path, striving to keep our hearts and minds centered on Christ Jesus,we need to be careful and constantly vigilant to not be temptedto adopt this type of worldly philosophy in our life. Elder Quentin L. Cook said that "being sincerely Christlike is an even more important goal than being authentic."

My dear friends, when we choose to let God be the most powerful influence in our life over our self-serving pursuits, we can make progress

eritreretintsika fa fantatsika, sy ny zavatra eritreretintsika fa tena tsara, ary ny zavatra heverintsika fa mety amintsika, toy izay hanakatra ny zavatra fantatry ny Ray marina, sy ny zavatra izay tena tsara mandrakizay ary ny zavatra faran'izay mety ho an'ny zanany ao anatin'ny drafiny. Mety ho lasa tena sarotra io fitolomana lehibe io, indrindra raha dinihina ireo faminaniana hita ao amin'ny soratra masina ho an'izao androntsika izao: "Fa aoka ho fantatrao izao: fa any am-parany any[,] … ny olona ho tia tena, … tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra."

Ny famantarana iray maneho ny fahatanterahan'io faminaniana io dia ilay fironana mihamitombo eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao, izay arahin'ny olona maro dia maro, izay ahitana olona lasa tsy mahafantatra afatsy ny tenany ihany sy manambara tsy tapaka hoe, "Na inona na inona mitranga, dia hiaina mifanaraka amin'izay heveriko fa marina aho na hataoko izay zavatra mety amiko." Nilaza ny Apôstôly Paoly hoe: izy ireo dia "samy mitady ny azy avy, fa tsy ny an'i Jesoa Kristy."Io fomba fisainana io dia matetika tohanana hoe "tena izy" ho an'ireo olona izay manaram-po amin'ny fikatsahan-javatra mifono fitiavan-tena sy amin'ny zavatra tian'ny tena manokana, na ho an'ireo olona te hanome rariny ny karazana fitondrantena sasantsasany izay matetika tsy mifanaraka amin'ilay drafitr' Andriamanitra izay feno fitiavana sy ilay sitrapony ho azy ireo. Raha avelantsika hanaraka io fomba fisainana io ny fontsika sy ny saintsika, dia mety hamorona sakana lehibe ho an'ny tenantsika isika eo amin'ny fahazoana ilay vatosoa faran'izay sarobidy izay efa nomanin' Andriamanitra ho an'ny zanany, dia ny fiainana mandrakizay izany.

Marina fa isika tsirairay dia samy manao dia manokana amin'ny maha-mpianatra eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana ary miezaka ny mampifantoka ny fontsika sy ny saintsika amin'i Jesoa Kristy,saingy mila mitandrina sy malina hatrany isika mba tsy ho tratran'ny fakam-panahyhanaraka io karazana fomba fihevitr'izao tontolo izao io eo amin'ny fiainantsika. Hoy ny Loholona Quentin L. Cook: "Ny hoe tena tahaka an'i Kristy dia mbola tanjona manan-danja kokoa noho ny hoe milaza ny marina fotsiny."

Ry namako malala, raha misafidy ny hamela an' Andriamanitra ho ilay hery mitarika mahery vaika eo amin'ny fiainantsika isika eo anatre-

in our discipleship and increase our capacity to unite our mind and heart with the Savior. On the other hand, when we don't allow God's way to prevail in our life, we are left to ourselves, and without the Lord's inspiring guidance, we can justify almost anything we do or don't do. We can also make excuses for ourselves by doing things our own way, saying in effect, "I am just doing things my way."

han'ireo fikatsahan-javatra feno fitiavan-tena ataontsika, dia afaka mivoatra isika amin'ny maha-mpianatra antsika ary afaka mampitombo ny fahafahantsika mampiray ny saintsika sy ny fontsika amin'ny Mpamponjy. Etsy ankilany, rehefa tsy avelantsika hanjaka eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra, dia ho tavela irery isika, ary rehefa tsy manana ilay fitarihana feno fitaomam-panahy avy amin'ny Tompo dia afaka manamarin-tena eo anatrehan'ny ankamaroan'ny zavatra izay ataontsika na tsy ataontsika isika. Afaka manao fialana fondro ho an'ny tenantsika koa isika eo anatrehan'ny fanaovan-javatra araka ny fombantsika amin'ny alalan'ny filazana hoe, raha ny marina dia "Manao zavatra araka ny fombako fotsiny aho".

On one occasion, while the Savior was declaring His doctrine, some people, particularly self-righteous Pharisees, rejected His message and boldly declared that they were children of Abraham, implying that their lineage would grant them special privileges in the sight of God. That mentality led them to lean unto their own understanding and to disbelieve what the Savior was teaching. The Pharisees' reaction to Jesus was clear evidence that their presumptuous attitude left no place in their hearts for the Savior's words and God's way. In response, Jesus wisely and courageously declared that if they were true covenant children of Abraham, they would do the works of Abraham, especially considering that the God of Abraham was standing before them and teaching them the truth at that very moment.

Indray mandeha raha nanambara ny fotopampianarany ny Mpamonjy dia nisy olona sasantsasany, indrindra indrindra ireo Fariseo mihevi-tena ho marin-toetra, nandà ny hafany ary nanambara tamim-pahasahiana fa zanak'i Abrahama izy ireo izay midika hoe ny rohim-pirazanany dia hanome tombontsoa manokana azy ireo eo imason' Andriamanitra. Io fomba fisainana io dia nitarika azy ireo hiankina amin'ny fahalalany sy tsy hino izay nampianarin'ny Mpamonjy. Ny fihetsika nasehon'ireo Fariseo teo anatrehan'i Jesoa dia porofo mazava fa ilay toetran'izy ireo feno avonavona dia tsy namela toerana tao am-pon'izy ireo ho an'ny tenin'ny Mpamonjy sy ny fomban' Andriamanitra. Ho setrin'izany dia nanambara tamim-pahendrena sy tamin-kerimpo i Jesoa fa raha tena zanak'i Abrahama ao anatin'ny fanekempihavanana marina izy ireo dia hanao ny asan'i Abrahama, indrindra rehefa dinihina dia nijoro teo anoloan'izy ireo ilay Andriamanitr'i Abrahama ary nampianatra azy ireo ny fahamarinana tamin'io fotoana io mihitsy.

Brothers and sisters, as you can see, acting on these mental gymnastics of "what works for me" versus doing "what always pleases the Lord" is not a new trend that is unique to our day. It is an age-old mentality that has crossed the centuries and often blinds the wise-in-their-own-eyesand confuses and exhausts many of God's children. This mentality is, in fact, an old trick of the adversary; it is a deceptive path that carefully leads God's children away from the true and faithful covenant path.While personal circumstances such as genetics, geography, and physical and mental challenges do influence our journey, in

Ry rahalahy sy anabavy, araka ny hitanareo, ny fanaovana zavatra eo anatrehan'ilay fiasan'ny saina hanao ny "zavatra mety amiko" toy izay hanao ny "zavatra izay mahafaly ny Tompo mandrakariva" dia tsy fironana vaovao izay mampiavaka an'izao androntsika izao. Fomba fisainana efa ela dia ela izany izay namakivaky taonjato maro ary matetika manajamba ny mason'ireo mihevi-tena ho hendryary mampikorontan-tsaina sy mampivalaketraka ny maro amin'ireo zanak' Andriamanitra. Io fomba fisainana io raha ny marina dia hafetsena efa ela ampiasain'ilay fahavalo. Lalana iray mifono fitaka izay mam-

things that truly matter, there is an inner space where we are free to choosewhether or not we will decide to follow the pattern the Lord has prepared for our life. Truly, "He marked the path and led the way, and ev'ry point [defined]."

piala tsimoramora ny zanak' Andriamanitra eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana marina sy mahatoky.Na dia eo aza ireo toe-javatra iainana toy ireo olana ara-pototarazo, ara-jeôgrafika, sy ara-batana ary ara-tsaina izay misy fiantraikany eo amin'ilay dia ataontsika, raha ny mahakasika ireo zavatra manan-danja indrindra, dia misy toerana ao anaty ao izay ahafahantsika misafidyna hanapa-kevitra hanaraka ilay lamina izay nomanin'ny Tompo ho an'ny fiainantsika isika na tsia. Marina tokoa fa "nomeny ohatra isika, lalana mazava."

As Christ's disciples, we desire to walk the path He marked for us during His mortal ministry. We not only desire to do His will and all that will please Him but also seek to emulate Him. As we strive to be true to every covenant we have entered into and live "by every word that proceedeth out of the mouth of God,"we will be protected against falling victim to the sins and errors of the world—errors of philosophy and doctrine that would lead us away from those most precious pearls.

Amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika dia maniry ny handeha eo amin'ilay lalana izay nosoritany ho antsika nandritra ny asa fanompoany teto an-tany isika. Tsy maniry fotsiny ny hanao ny sitrapony sy hanao ny zavatra rehetra izay hahafaly Azy isika fa hikatsaka ny haka tahaka Azy. Rehefa miezaka ny tsy hivadika amin'ireo fanekempihavanana rehetra nataontsika isika ary hanaja "ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra,"dia ho voaro mba tsy ho lasa ianjadian'ny vokatra ateraky ny fahotana sy ireo fahadisoana eto amin'izao tontolo izao—fahadisoan'ny filôzôfia sy ny fotopampianarana izay hampanalavitra antsika amin'ireo vatosoa faran'izay sarobidy.

I have been personally inspired by how such spiritual submissiveness to God has impacted the lives of faithful disciples of Christ as they choseto do those things that work for and are pleasing in the sight of the Lord. I know a young man who was unsettled about going on a mission but felt inspired to go and serve the Lord when he listened to a senior leader of the Church sharing his own personal testimony and sacred experience of serving as a missionary.

Nanentana manokana ny fanahiko ny fomba fiantraikan'ny fanoavana ara-panahy an' Andriamanitra toy izany teo amin'ny fiainan'ireo mpianatra mahatokin'i Kristy, noho izy ireo nisafidy ny hanao ireo zavatra izay mety sy mahafaly eo imason'ny Tompo. Mahafantatra tovolahy iray aho izay sahiran-tsaina mikasika ny fandehanana hanao asa fitoriana saingy notaomim-panahy handeha sy hanompo ny Tompo rehefa nihaino manampahefana ambony iray tao amin'ny Fiangonana izay nizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany manokana sy ny zavatra masina niainany fony izy misiônera.

In his own words, this young man, now a returned missionary, said: "As I listened to the testimony of an Apostle of the Savior Jesus Christ, I was able to feel of God's love for me, and I desired to share that love with others. At that moment I knew that I should serve a mission despite my fears, doubts, and concerns. I felt totally confident in the blessings and promises of God for His children. Today, I am a new person; I have a testimony that this gospel is true and that the Church of Jesus Christ has been restored on earth." This young man chose the Lord's way and

Hoy ity tovolahy izay efa niverina avy nanao asa fitoriana ity tamin'ny tenin'ny manokana: "Rehefa nihaino ny fijoroana ho vavolombelona nananan'ny Apôstôly iray momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy aho, dia afaka nahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra ahy ary nanapa-kevitra ny hizara izany fitiavana izany amin'ny hafa. Fantatro tamin'izay fotoana izay fa tokony handeha hanao asa fitoriana aho na dia eo aza ny tahotro sy ny fisalasalako ary ny ahiahiko. Nahatsapa fahatokiana tanteraka momba ireo fitahiana sy fampanantenana avy amin' Andriamanitra ho

became an example of a true disciple in every aspect.

an'ny zanany aho. Olom-baovao aho amin'izao fotoana izao. Manana fijoroana ho vavolombelona aho fa marina ity filazantsara ity ary naverina eto an-tany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy." Nisafidy ny lalan'ny Tompo io tovolahy io ary lasa ohatra iray amin'ny maha-mpianatra marina eo amin'ny lafin-javatra rehetra.

A faithful young woman decided not to compromise her standards when she was asked to dress immodestly to fit into the business division of the fashion company where she worked. Understanding that her body is a sacred gift from our Heavenly Father and a place where the Spirit can dwell, she was moved to live by a standard higher than the world's. She not only gained the confidence of those who saw her living by the truth of the gospel of Jesus Christ but also preserved her job, which for a moment was in jeopardy. Her willingness to do what was pleasing in the sight of the Lord, rather than what worked for the world, gave her covenant confidence amidst difficult choices.

Nisy tovovavy mahatoky iray izay nanapa-kevitra ny tsy hampandefitra ireo fenitra arahiny rehefa nangatahina izy mba hanao fitafiana tsy maotina mba hananany ny toerany ao amin'ny sampana misahana ny fandraharahana ao amin'ilay orinasa misehatra amin'ny lamaody izay niasany. Noho ny fahatakarany fa fanomezana masina avy amin'ny Raintsika any An-danitra ny vatany ary toerana iray izay ahafahan'ny Fanahy mitoetra, dia nentanim-panahy izy hiaina fitsipika ambony kokoa noho ny an'izao tontolo izao. Tsy vitan'ny hoe nahazo ny fitokian'ireo izay nahita azy niaina ny fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy fotsiny izy fa voatazony koa ny asany izay notandindomin-doza nadritry ny fotoana vitsivitsy. Ny fahavononany hanao ny zavatra mahafaly eo imason'ny Tompo toy izay hanao zavatra izay mety ho an'izao tontolo izao dia nanome azy fahatokiana ny fanekempihavanana nataony tao anatin'ireo safidy sarotra.

Brothers and sisters, we are constantly confronted by similar decisions in our daily journey. It takes a courageous and a willing heart to pause and pursue an honest and meek introspection to acknowledge the presence of weaknesses of the flesh in our life that may impede our ability to submit ourselves to God, and ultimately decide to adopt His way rather than our own. The ultimate test of our discipleship is found in our willingness to give up and lose our old self and submit our heart and our whole soul to God so that His will becomes ours.

Ry rahalahy sy anabavy, miatrika fanapahan-kevitra mitovy amin'izany tsy tapaka isika ao anatin'ny dia ataontsika isan'andro. Mitaky herimpo sy fo feno faharisihana ny miato sy manao fanombantombanana amin-kitsimpo sy amim-pahalemem-panahy mba hamantarana ny fisian'ny fahalemen'ny nofo eo amin'ny fiainantsika izay mety hanakantsakana ny fahafahantsika mampanoa ny tenantsika amin' Andriamanitra ary manapa-kevitra amin'ny farany fa hanaraka ny lalany fa tsy ny antsika. Ny fisedrana faratampony ny maha-mpianatra antsika dia hita ao anatin'ny fahavononantsika hampitsahatra sy hamoy ilay isika taloha ka hampanoa ny fontsika sy ny fanahintsika manontolo an' Andriamanitra mba ho lasa sitrapontsika ny sitrapony.

One of the most glorious moments of mortality occurs when we discover the joy that comes when doing always those things that "work for and please the Lord" and "what works for us" become one and the same! To decisively and unquestioningly make the Lord's will our own requires majestic and heroic discipleship! At that sublime moment, we become consecrated to the Lord, and we totally yield our wills to Him.

Ny iray amin'ireo fotoana faran'izay lehibe eto amin'ny fiainana an-tany dia miseho rehefa hitantsika ilay fifaliana avy amin'ny fahatongavan'ny fanaovana mandrakariva ireo zavatra izay "mety amin'ny Tompo sy mahafaly Azy" sy ny "zavatra mety amintsika" ho lasa zavatra iray sy mitovy ihany! Mitaky an'ilay maha-mpianatra andrian-toetra sy be herimpo ny fanekena amin'ny fomba hentitra sy tsy amim-piahiahiana

Such spiritual submissiveness, so to speak, is beautiful, powerful, and transformational.

I testify to you that following the Lord's will in our life will enable us to find the most precious pearl in the world—the kingdom of heaven. I pray that each of us, in our time and turn, will be able to declare, with covenant confidence, to our Heavenly Father and Savior Jesus Christ that "what works for Thee works for me." I say these things in the sacred name of the Savior Jesus Christ, amen.

ny sitrapon'ny Tompo ho toy ny sitrapontsika! Amin'izany fotoana tena mahafinaritra izany dia lasa manokan-tena ho an'ny Tompo isika ary afointsika tanteraka ho Azy ny sitrapontsika.Ny fanoavana ara-panahy toy izany, raha izay no ilazana azy, dia tena tsara sy mahery vaika ary mitondra fiovana.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny fanarahana ny sitrapon'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika dia hanome fahafahana antsika hahita ilay vatosoa faran'izay sarobidy, dia ny fanjakan'ny lanitra izany. Mivavaka aho mba rehefa tonga ny fotoanantsika sy ny anjarantsika, dia ho afaka isika tsirairay ny hanambara amin'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy, miaraka amin'ny fananana fahatokiana ny fanekempihavanana natao, hoe "izay mety Aminao dia mety amiko". Lazaiko ireo zavatra ireo amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Mpamonjy, amena.